

## Maninona e (LSNT)

**Maninona e** ' zany havako no tomany

Tonga izaho namanao mba manontany

Lasana izy hono omaly namela alahelo mba ho namanao

Ianao tsy irery f'izaho no tonga hitondra kilalao

**Maninona e** raha takariko ho anao

Iny volana iny hataonao kilalao

Ho avy indray ny ampitso hitondra hafaliana ka hitobaka eto

Raha sendra tsisy izany, tsisy hitomaniana izaho anilanao

**Iny volana** iny tsy tsinjon'ny olona faly

Fa natao ho anao olona mijaly

Ny heriko manontolo no hatambatro mba hampitsiky ianao

volana, ny tontolo no alatsako eo an-tongotrao

**Maninona é**, zany havako no tomany

Tonga izaho namanao mba manontany

Ny heriko manontolo no hatambatro mba hampitsiky ianao

volana, ny tontolo no alatsako eo an-tongotrao